TATITRA DINGANA FAHAROA: FANADIHADIANA IFOTONY

Firenena: MADAGASIKARA
Kaominina: BETIOKY SUD
Famintinana ny toe-java-misy eo amin'ny kaominina

Betioky dia kaominina iray ao anatin'ny faritanin'ny Toliara, faritra Atsimo Andrefana, manana velaran-tany 354 km^2 , mponina 2864, fokontany 27.

Tanjak'ilay kaominina eo amin'ny fampidirana ny miralenta:

Mbola tsy mahazo vahana ny resaka miralenta raha eo anivon'ny kaomina no jerena satria anjakan'ny lehilahy tanteraka io faritra io. Ohatra amin'izany: 0/27 ny vehivavy sefo fokontany ary 1/7 ny vehivavy mpanolo-tsaina.
Antony mahatonga izany tranga izany ny kolontsaina any an-toerana ka tsy matoky tena intsony ny vehivavy. Ohatra amin'izany, efa nisy vehivavy nilatsaka solombavam-bahoaka tany an-toerana ary vato iray (1) ihany no mba azony, izany hoe, na ny vadiny sy ny fianakaviana aza tsy nifidy azy akory.
Anisan'ny tranga ara-piaraha-monina sedrain'ireo vehivavy eny an-toerana koa ireto tranga ireto:

- Fifaninanana ny mamelona lehilahy izany hoe: mampirafy ny lehilahy iray dia ireo vehivavy ireo no mifaninana amin'ny famelomana azy.
- Rehefa misaraka dia an'ny lehilahy ny harena rehetra

Raha fintinina dia manan-karena ny kaomina amin'ny alalan'ny fambolena sy ny fiompiana fa mila tosika ary mila fantentanana mba hahatonga ny vahoaka hiova toe-tsaina.

Valin'ny "carte des scores" (KARATRA ISA ANDREFESANA NY MIRALENTA ENY IFOTONY)

Tanjona	**Naoty nomen'ny kaominina (%)**	**Naoty nomen'ny Gender Links (%)**	**Naoty ifanarahana**
Sehatry ny pôlitika	50%		
Fitondram-panjakana	50%		
Fandaharanasa manokana ho an'ny vehivavy sy ny lehilahy	68%		
Fampidirana ny resaka Miralenta eo amin'ny fandaharana asa efa ataon'ny Kaominina	75%		
Fandraisana mpiasa	83%		
Rafim-pitantanana ny miralenta	58%		
Salan'isa	**66%**		

FANADIHADIANA IFOTONY

SEHATRY NY POLITIKA
Fantatry ny kaominina Betioky sud ireo fifanarahana natao eto amin'ny firenena sy eo amin'ny faritry ny Ranomasimbe Indianina, ny iraisam-pirenena toy ny tamin'ny SADC momba ny miralenta sy fampandrosoana ary ny pôlitika hampitoviana hasina ny lahy sy ny vavy, fa ny fanatanterahana azy no mbola sarotra noho ny toe-java-misy any an-toerana.

FITONDRAM-PANJAKANA

- **Fitovian'ny isan'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny kaominina**

Ambany ny salanisan'ny vehivavy mandray anjara eo anivon'ny kaominina. Raha ny mpanolotsaina dia iray (1) ihany ao anatin'ny fito (jereo ny fafana eo ambany). Raha eo amin'ny sehatry ny fanapahan-kevitra dia tsy misy na dia iray aza, izany hoe: ny hevitra mivoaka rehetra izany dia azo antoka fa hevi-dehilahy avokoa.

Ireo kômity ao amin'ny kaominina Betioky Sud

	Lahy	**Vavy**	**Fitambarany**	**% Lahy**	**% Vavy**
Mpanolontsaina	6	1	7	86%	14%
Fanapan-kevitra	3	0	3	100%	0%
Mpiasan'ny Kaominina hafa	25	8	33	76%	24%
Fitambarany	**31**	**9**	**40**	**78%**	**22%**

- **Fandraisana anjara**

Tsy dia hita taratra ny fandraisan'ny vehivavy anjara.

- **Fandraisana anjaran'ny vahoaka**

Tsy mitovy ny fandraisana anjaran'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fivoriam-pokonolona sy ny hetsika samihafa eo an-tanàna noho ny ara-tsosialy marefo dia marefo satria mbola misy ireo tsindry hazolena eo amin'ny fifampitondran'ny lahy sy ny vavy.

DRAFITR'ASA HIASANA

Fizotry ny lamin'asa eo amin'ny kaominina

FANDAHARANASA MANOKANA HO AN'NY VEHIVAVY SY NY LEHILAHY

- **Fiarian-karena sy famoronana asa**

Raha ny asa fiveloman'ny vahoaka ao amin'ny kaominina Betioky ny jerena dia:

- Fambolena tongolo, tsaramaso, mangahazo (amin'ireo sehatra ireo dia ahitana ny fiaraha-miasa ny lahy sy ny vavy.
- Fiompiana: Raha ny fiompiana omby, osy ary ondry dia ny lehilahy no tena hita taratra amin'izany noho ny tsy fandriam-pahalemana, na dia izany aza dia misahana ny fiompiana akoho amam-borona ny vehivavy.
- Tao-javatra: Raha ny zava-misy eo an-toerana dia hita eo amin'ny sehatry ny rary ny vehivavy ary eo amin'ny sehatry ny sikotra kosa ny lehilahy.

Ny olana lehibe hitambaran'ireo sehatr'asa ireo ny tsy fahitana tsenam-barotra ka lasa manjaka ny mpanangom-bokatra. Raha ny eo amin'ny sehatra ny fambolena dia mbola mitazona ny fomba nentim-paharazana ny ankamaroan'ny mpamboly.

- **Famatsiana**

- Tsy mbola manana politika manokana hanomezana vahana ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny fandraharahana ny kaominina.

- **Trano fonenanana**

- Raha ny eo amin'ny resaka trano fonenana dia mitovy amin'ny olana rehetra eto Madagasikara. Amin'ny maha firenena andalam-pandrosoana, dia ny

ankabetsahan'ny fianakaviana dia mbola mipetraka amin'ny trano tsy manara-penitra avokoa.

- **Kojakojam-piainana andavanandro**

  Mandray anjara amin'ny fikojakojana sy fitantanana ny fananana ihombonana ny vehivavy amin'ny kaominina

- **Fahasalamana**
  - Manana tobim-pahasalamana ny kaominina fa ny olana dia mbola betsaka ny olona variana amin'ny fitsaboana nentim-paharazana.

- **Fahasalamana sy tontolo iainanana sns.**

  - Raha ny momba ny tontolo iainana dia hita ny fahasimban'izany amin'izao fotoana izao ary iarahantsika mahita ny vokany.

FAMPIDIRANA NY RESAKA MIRALENTA AMIN'NY FANDAHARANA ASA EFA MISY
Drafitrasa hamongorana ny herisetra

FANDRAISANA MPIASA

- **Sivana sy fandraisana mpiasa**
  - Raha eo amin'ny fandraisana mpiasa dia tsy misy fanavakavahana na lahy io na vavy.

- **Drafitrasa momba ny fandraisana mpiasa**

  - Mbola tsy manana drafitr'asa manokana momba ny fandraisana mpiasa ny kaominina
- **Fanofanana ho fanamafisam-pahaizana**
  - Mbola tsy nisy fiofanana momba ny miralenta nandraisan'ny lahy sy ny vavy anjara teto amin'ny kaominina.

- **Fihatsarana eo amin'ny asa**

RAFIM-PITANTANANA NY MIRALENTA
- **Teti-bola hampidirana ny miralenta**
  - Mbola tsy manana teti-bola manokana hampidirana ny miralenta ny kaominina

- **Tombana**

Dingana: faha 2
Firenena: MADAGASIKARA
Toerana: Paletuvier
Daty: 31 Aogositra 2012

FANAMARINAM-PAHATONGAVANA

N°	Anarana sy fanampiny	Lahy (L)/Vavy(V)	Kaominina	Andraikitra	Téléphone	E-mail
1	RAMAHA R Ando	L	Betioky sud	Chef district	033 82 416 95	
2	RAMAHA Noeline	V	Betioky sud	Mpanentana	034 03 242 01	
3	SOALARA Armand	L	Betioky sud	PDS	033 19 799 58	

Tahan'isa lahy sy vavy:

VAVY	1	33%
LAHY	2	67%
TOTALINY	**3**	**100 %**